# Fagnambara mahakasike ty Zo amy maha olo noho ty andraikitry amy fiaraha monina

Tetik'asa ho fampandrosoa ty jono horita amy faritre antsimo Andrefan'i Madagasikara

## I. FANAZAVA ANKAPOBENY

Ezake iaraha manao mba hampivoara ty fahareta noho ty velomam-pon' olo mianky amy ty fitinjoha horita amy faritre Antsimo andrefan'i Madagasikara gny tetik'asa ho fampivoara ty jono horita amy faritre antsimo Andrefan'i Madagasikara. Manolotena gny FIP hiasa ho ahy ty vina hiharoa mahakasike ty fitinjoha horita maharitre, ara-drarine noho miroborobo amy faritre Antsimo Andrefan'i Madagasikara ze miaro ty zon'olombelo amy ty fandraisa ty mpihaza anjara. Amy alala ty fametraha laharam-pahameha ty filà noho ty hevitry ty mpihaza noho ty fokonolo misy aze, noho ty fanomeza azy ty fomba fitaraina mba handraisane anjara mavitriky noho mba hanehoany ty heviny, Mana tanjona gny hampisy ty jono maharitre, ara-drarine ka ahazoa ze mpandray anjara iaby tombotsoa gny tetik'asa ho fampivoara ty jono horita amy faritre antsimo Andrefan'i Madagasikara.

Manao lahara-pahameha tanjona manarake retoa gny tetik'asa ho fampandrosoa ty jono horita amy faritre antsimo Andrefan'i Madagasikara :

1. **Fitantana maharitre ty harena** : Mana tanjona io tetik'asa ho fampandrosoa ty jono (FIP) io mba hampadroso ty fahareta ara-tontolo iaina maharitre mahakasike ty fitinjoha horita amy faritre Antsimo andrefan'i Madagasikara amy alala ty fametraha ty fomba fitanatana voa-porofo mazava ka mahatonga ty tahiry horita ho salama lafa mampihena ty fiantraikany raty amy ty tontolo iana an-driaky amy ankapobeny.

2. **Fanomeza hery ty fokonolo hahaleo tena** : miezaky manome hery ty fokonolo an-tanà mba handray andraikitry mavitriky amy ty fitantana ty fitinjoha horita noho mba hahazo tombotsoa baka amy ty fomba fitinjoha maharitre. Anatin'izay ty fanomeza fiofana noho fitaova mba hanampea ty hetsiky tarihy ty fokonolo ; manahake ty fitaova nihavoaozy noho ty fomba fikarakara ty vokatry azo, noho mba hanomeza toky fa feon'olo an-tanà reo misy misolotena amy ty fomba fandrambesa fanapaha-kevitre,

3. **Fivoara ara toe-karena** : Manenky gny tetik'asa ho fampandrosoa ty jono (FIP) fa fitinjoha horita io ro fotom-pivelo ty olo maro amy faritre Antsimo andrefan'i Madagasikara noho mampiroborobo ty fitombo noho ty tsy fiovaovany ty toe-karena amy alala ty fitinjoha maharitre. Tafilitre anatin'izay ty fanohana ty fampivoara ty fomba fiveloma hafa manahake ty fizahantany mahakasike ty tontolo iaina noho ty fiharea fia, ka afaky manome fahafaha ara toe-karena ho ahy ty fokonolo an-tanà akoatry ty fitinjoha horita.

4. **Fitovia noho ty rariny amy fiaraha monina** : Manenky gny tetik'asa ho fampandrosoa ty jono (FIP) fa ty fitantana ty harena maharitre noho ty fampandrosoa ty toe-karena tsy maintsy antomboke amy ty foto-kevitry ty fitovia noho ty rariny amy fiaraha monina. Hanao laharãm-pahameha ty filà noho ty hevitry ty vondron'olo voa ilikiliky, manahake ty ampela noho ty tanora, amy ty fomba fanapahan-kevitre noho hanomeza toky fa ty tombotsoa azo baka amy ty fitinjoha horita io hozara mitovy soa.

5. **Fomba fanaova fitaraina** : Manenky gny tetik'asa ho fampandrosoa ty jono (FIP) fa gny fahombiaza ty fitantana ty jono maharitre io mianky tanteraky amy ty fandrambesa anjara mavitriky, ty fanampia ty mpihaza noho ty tanà misy azy. Mba hanomeza toky ty filà noho ty hevitry ty mpihaza haseho amy ty fomba fandrambesa fanapaha-kevitry,

nametrake fomba fanaova fitaraina noho famaha ty olana gny FIP mba hahafaha ty mpihaza mamoaky ty ahiahiny, hanome ty heviny, noho mila vahaola amy ze fitaraina mifanarake amy ty asa gny tetik'asa ho fampandrosoa ty jono (FIP's).

6. **Fampahaiza zo ty mpihaza** : Mifatoke amy ty fampahaiza ty mpihaza ty zony noho ty hampiroborobo ty fiarova azy gny tetik'asa ho fampandrosoa ty jono (FIP). Tafilitre anatin'izay ty fanomeza toky ty mpihaza mba hanazoany alala mahazo antonta mbaovao noho ty fitaova ilà mba ahafahany mandramby fanapaha-kevitry soa amy ty ho fandrambesany anjara amy ty fitinjoha horita, amizay voahaja noho voaaro.ty zony hiasa amy ty tontolo iaina azo antoke noho maha salama

Manenky gny tetik'asa ho fampandrosoa ty jono horita amy faritre Atsimo andrefan'i Madagasikara fa gny fahatratrara tanjona iaby reo mitaky ty fiaraha miasa tsy tapaky amy fanjakana, gny ONG, ty fokonolo an-tanà, noho ty mpandray anjara hafa

## II. Zo amy ty maha olo noho andraikitry amy fiaraha monina

Manantena gny tetik'asa ho fampadrosoa ty jono horita amy faritre Atsimo andrefan'i Madagasikara fa gny mpandray anjara amy tetik'asa ho fampandrosoa ty jono (FIP) iaby hanolotena hiaro gny zon'olombelo noho hampiroborobo fa tompon'andraikitry amy fiaraha monina. Gny tetik'asa ho fampandrosoa ty jono (FIP) noho ty mpandray anjara amine iaby ro manolotena amy ty vina mahakasike ty fitinjoha tsy misy fanitsakitsaha zon'olombelo noho ty zo mahakasike ty asa ka ahazoa ty mpitinjoky kiraikiraiky iaby antoky fa voahaja ty maha izy azy, fiasà manaraky ty fepetra misy, noho ty zony mitaky. Gny tetik'asa ho fampandrosoa ty jono (FIP) noho ty mpandray anjara aminy mahay fa ty ezaky atao hiarova ty zo gny mpitinjoke tsy maintsy manomboke amy ty fifanaraha hita amy foto-kevitre voazava ambany reto :

<u>Tontolo iasa tsy misy</u> :

A. **Fanararaota noho fankadalana,** tafilitry anatin'izay gny herisetra ara-nofo noho amy ty maha ampela noho maha lehilahy.
B. **Asa anterivozo** noho **ty fanandevoza mahakasike ty tsosa**
C. **Fampiasa aja tsy ampy tao** - ka miteraky loza amy fahasalama ty aja noho ty fahafahane mianatse.
D. **Fanavakavaha**

<u>Tontolo iasa ahitaha</u> :

A. Mpitinjoke **afake mananga fikambana noho mitaky zo**
B. Fokonolo mpihaza **Afake mahazo ze tolotre ilà amy maha olo***
C. **Ampahaizy noho afake mandray anjara amy ty fanapaha-kevitry mahakasike fitantana ty harena** gny mpitinjoke iaby
D. **Afake manao fitaraina amy ty fomba fanaova fitaraina** ty mpitinjoke iaby.
E. **Miala sasatry soa ty mpitinjoky iaby***
F. **Mila mana tontolo iasa azo antoke ka tsy mapilitse azy amy risiky tafahoatre noho afaky mahazo fitsaboa malalaky** gny mpitijoke iaby*

Ty tanjona ty fanambara toy gny hampahay gny mpihaza noho ty mpandray anjara hafa hoe manao akory ty fomba fanomeza FIP laharam-pahameha noho ty hanambarany ty zon'olombelo noho ty andraikitriny amy fiaraha monina. Fanambara toy tsy natao hanazava ty hetsiky manoka mahakasike ty hatao ty mpandray anjara amy FIP mba hisia ty fiova amy fiaraha monina misy gny FIP, izay vozava soa amy FIP hafa noho amy ty antonta taratasy gny mpandray anjara gny FIP.

*Ndra manao ze azony atao aza gny mpisehatry gny FIP amy fampiroboroboa raha reo iaby, tsy mianky amy ty mpisehatry gny FIP raiky avao ty fampandrosoa noho izany tsy mitanjake ty mpisehatry amy FIP ho tompon'andraikitry amy ty fampihara azy fanambara toy.

## III. Sehatry noho ty fampihara azy

Mihatre amy ty mpihaza iaby amy FIP fanambara toy

## IV. Andraikitry

Voafaritse mazava soa manaraky ambany reto ty andraikitry noho ty asa ty mpanao sonia :

- **Gny comité de gestion de la peche et aux poulpe**, soloatena ty mpitarike gny FIP iaby, gny president noho ty Sekretera mpanatanteraky, manome toky fa ty mpandray anjara amy FIP amizao noho amy ty ho avy tsy maintsy ampahaizy fanambara toy noho manantena fa hanome lanja noho hanaja ty foto-kevitre anatiny ato. Anatin'izay ty fizara fanambara toy amy ze fiteny hay ty mpandray anjara. Tompon'andraikitre koa rozy amy ty fitantana ty fomba fanaova fitaraina noho manome toky ty mpandray anjara iaby fa hahay ty fisian'io.

- **Orinasa mpanao collecte** (Copefrito, Murex, Blue Ocean) tompon'andraikitry amy ty fanomeza toky ty mpiasa noho ty mpiara miasa iaby fa mahay fifanaraha reto iaby noho mety ho tompon'andraikitry laha misy ty fitaraina.

- **ONG noho ty fiarahamonim-pirenena miaro gny tontolo iaina (WWF, WCS, Blue Ventures, SANSAFA, and RENAFEP),** maneky gny hanome fanohana ho ahy ty mpihaza mba hahareza ty feone noho voahaja koa ty zony. Hanampe ty mpihaza iaby hahay misimisy kokoa mahakasike ty zony koa rozy.

- **Fikambana mpihaza** manenky gny hitondra amy fomba mangarahara noho tsy mitanila, manome toky fa isoloany tena amy fomba rariny mpihaza reo iaby noho ré koa ty feone_amy sehatre iaby. Mety hanao fitaraina koa rozy ho ahy ty olo mpihaza raiky ze te hiaro ty mombamomba azy manoka.

- **Gny mpihaza** : hanome toky fa handray anjara amy ty fanajà ty foto-kevitry iaby noho hampiasa ty fomba fanaova fitaraina amy fomba mahity noho ampahendrea.

- **Gny Direction Regional de la Pêche et de l'Économie Bleue (DRPEB),** ro hanoha amy ty fikarakara ty lisita ty mpihaza (isa ty mpihaza isaky fokontany), mintariky ty

fanohana fokontany noho ty tanà tsy misy fanohana baka amy ONG ; manoha amy fanentana noho fanaraha-maso gny raharaha mahakasiky ty lalàna anaty fanambara toy ato koa gny DRPEB.

## V. Fanenkena

Nisoraty amy fomba fiteny telo (3) fanambara toy –teny Anglisy, Frantsay, Malagasy- noho afaky hentea amy tranokala ty CGP (cgp.mg) noho ty Fivoara ty jono.

Gny sonia ty mpitariky gny FIP ambany reo manamarina ty fahazoa noho ty fifanaraha mahakasike ty fanambara ty lalàna mpiaraha monina toy amy ty mpisehatre amy FIP iaby.

FIP Lead
RAMISANANDRASANA Sonya

22/04/2023